RAHARAHA TSOA TAO AMIN'NY TARIKA VHF

# Olona 5 nidoboka am-ponja: ny 4 eny Antanimora, ny 1 eny Tsiafahy

Raharaha famonoana an'i Tsoa tao amin'ny tarika ara-pilazantsara VHF. Olona 5 no nidoboka am-ponja, ka ny 4 eny Antanimora, ny 1 eny Tsiafahy. Tamin'ny 9 ora alina vao vita ny raharaha teny amin'ny fitsarana Anosy afak'omaly. 5 no isan'ny olona naiditra am-ponja vonjimaika, ka ny 4 dia eny Antanimora izay anisan'izany i Valeria sy ny vadiny, ny gardien an'ny garazy 2 ary ilay chauffeur kosa eny Tsiafahy. Amin'ny 19 Janoary 2023 no fitsarana manaraka. Mbola nanao fara-teny tamin'ny fianakaviana moa i Valeria mialohan'ny hitondrana azy ho any am-ponja. Raha ny momba ilay fiara kosa dia Polo cross no nentiny ny andron'ny alatsinainy nahafatesany ary avy eo



*Ireo voarohirohy ho namono an'i Ntsoa.*

nafindra tao anaty Rexton, izay vao nentina navarina tany ambany tetezana. Ny andron' ny fandevenana vao naterina tany amin'ny garazy ilay fiara polo cross ary nafarana ny gardien tsy hiteniteny, ny lakile kosa tany amin'ilay chauffeur no hita. Ilay fiara Rexton sy Polo cross dia samy an'i Tsoa manokana irery ihany, tsy nitambarany amin'iza. Mpiara-miasa tamin'ny resaka hazo sy saribao no niarahan'izy ireo ary hira misy clip 1 ihany, izay tsy misy hidiran'ny VHF velively amin'ity raharaha ity. Nisy koa ny vola very tamin'io fotoana io, izay nokasain'i Tsoa hividianana camion ilainy momba ilay asany, ka tsy mbola hita hatramin'izao. Tsara ny manamarika, fa i Tompokolahy dia efa 5 taona no nisaraka tamin'ny vadiny ary efa samy nanana ny fiainany manokana izy ireo. Marihana momba ity raharaha misy vonoan' olona ity fa hasarotampiaro sy fiarovana tombotsoa manokana, no antony namonoana azy. Olona akaiky azy sy niara-niasa taminy ihany no atidoha nikotrika izao asa ratsy izao. Mbola tonga namangy sy nandevina azy izy ireo nandritra ny naha teo ambohitra ny razana ary teny am-pandevenana, no nosamborin'ny zandary ilay vehivavy izay anisan'ny tompon'antoka.

***Niaina***

Fikambanana Hafari Malagasy

# Hosokafana rahampitso ny kianja Surprise Anosizato Est

Telo volana no nifanomeza-tanàn'ny tanoran'Anosizato ny VAM : Vondron'ny Ambany Tanàna Miray, sy ny firaisamonim-pirenena Hafari Malagasy ary ny orinasa Mpitsabo Malagasy Fitrama, izay samy eo ambany fitarihan'Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Nirina, nanamboarana ny tany ao amin'ny « Kianja Surprise Anosizato Est », ka lalao Match de défi » miisa 5 be izao no hanofakana azy amin'ny alahady 20 novambra 2022 ho avy izao. Mirefy 172 x 60 m ity tany ity ary eo anilan'ny kianja filalaovana rugby teo aloha izay namidy tamin'ny mpanam-bola tamin'ny fotoanandrony, ka anisan'ny nampiditra am-ponja an-dRafanomezantsoa Jean Nirina, nolazainy fa tsy ho hadinoiny mihitsy mandrakizay. Teny Anosizato foiben'ny Hafari Malagasy, no nitafana tamin'ny mpanao gazety ny amin'ny fanokafana ny amin'ny « Kianja Surprise Anosizato Est » rahampitso alahady, ka nilazan'Andriamatoa Jean Nirina, fa ahitana ny lalaon'ny Ftat Anosibe sy ny Matadore Anosipatrana ao amin'ny D-1 federaly, izay hiadiana valopy be mitentina 2 tapitrisa ariary no lehibe indrindra amin'ireo lalao 5 ho hita eny an-toerana. "Match de défi D-2" : 07:30-Ftma Anosizato # Rcaz Ambohibao, "Match de défi D-1 régionale" 09:00-Wallaby Ankazotokana # Fita II Anosizato, 11:00-Nanoowah Anosizato #Tam II Anosibe, 13:00-Hiza 17 Angarangarana # Ac Dinamic Anosibe, "Match de défi D-1 Fédérale (Valopy Be : 2 mialara ar)" 15 :30-Ftat Anosibe # Matadorea Anosipatrana. Mbola azo hajariana tsara hananganana kianja manara-penitra hoan'ny tanora ity toerana ity, araka ny nambaran'i Jean Nirina, satria efa miteti-bidy any amin'ny 18 miliara ariary izy io ankehitriny. Nohararaotiny ny nilazana tamin'ny mpanao gazety tamin'ity fampitam-baovao nataony ity, fa izy dia tsy hirotsaka amin'ny fifidianana na inona na inona eto amin'ny firenena manomboka amin'io 2023 ho avy io.

***Rainilita***



*Teny amin'ny kianja Surprise Anosizato Est.*

Fiahiana ireo Zokiolona

# Amperinasa ny « Centre La Bonté Madagascar »

Tsy dia tsaroana loatra na odian-tsy hita eto amintsika izany hoe : manana ny zony feno ireo zokiolona. Maro, araka izany, ireo zokiolona iharan'ny herisetra ary mizaka ny tsy eran'ny ainy.
Ny fahatsapana ireo loza mitatao amin'ny zokiolona, sy ho fanampiana azy ireo no nanosika an'i Dokotera Ramanandrafaliarisoa Florienne sy ireo mpiara-miasa akaiky aminy, hanangana ny Ivon-toerana "La Bonté Madagascar », ny volana aogositra 2021. Ity farany izay manana ny foibeny etsy Andraisoro (Terminus 141) ary sampana eny amin'ny by pass. Ny « Centre La Bonté Madagascar » mikarakara sy mikolokolo ireo zokiolona amin'ny maha olona feno. Afaka misitraka izany avokoa ireo zokiolona salama na tsia, ireo manaraka fitsaboana ary ireo maka aina amin'ny alalan'ny fisian'ny « Maison de la convalescence » eny an-toerana.
Misy fiantraikany amin'ny zokiolona ny herisetra mahazo azy, mety hitatra hatrany amin'ny tsy fahatomombanan'ny fahasalamana na amin'ny aratsainy mihitsy aza izany.
Manana adidy amin'ny fiaraha-monina ny « Centre La Bonté Madagascar », amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo asa sosialy ho an'ny zokiolona. Anisan'izany ny fikarakarana ireo hita fa tena sahirana tsy misy mikarakara sy miahy, fije-



*Ny dokotera Florienne n amorona ny Centre La Bonté Madagascar.*

rena maimaimpoana ny fahasalaman'ireo zokiolona, fanomezana fanafody raha ilainy izany.
Raha ny fanirian'ireo mpitantana dia ny sarambabembahoaka no ho afaka hisitraka ny tolotra rehetra misy ao amin'izy ireo. Noezahana ho amin'ny sarany mirary sy sahaza ny rehetra, araka izany, ny sandan'ny vola aloa eo anivon'ny "Centre La Bonté Madagascar". Tsy latsan-danja koa anefa ny kalitaon'ny tolotra. Manao fifanarahana amin'ny ivon-toerana ny fianakaviana raha tiany hitoetra ary ho karakaraina (monina) eo anivon'ny "Centre La Bonté Madagascar" ny ray aman-dreniny.
Maro ny sehatrasa: "activités" izay iarahana amin'ny zokiolona monina ao amin'ny "Centre La Bonté Madagascar". Anisan' ireny ny fanamboarana zaridaina, fanaovana asa tanana na "création artistique", fanaovana fanatanjahantena malefaka na "Gymnastique Adapté" au Personnes Âgées, mamaky boky sy vaovao, mijery fahita lavitra, fotoam-pivavahana, fikarakarana ny vatana toy ny fandokoana sy ny fanamboarana volo, fikarakarana ny hoho sy ny tarehy.
Misy ihany koa ilay antsoina hoe : rééducation fonctionnelle, tafiditra anatin'ny fitsaboana izy ity, miampy ny kinésithérapie, ergothérapie, sns… ho an'ireo manana fahasarotana manokana. Tsy kolon-tsain'ny Malagasy ny fandefasana zokiolona amin'ny toerana tahaka itony satria mbola mitoetra foana ilay hoe : "velona iray trano ary maty iray fasana". Tsy mitovy tamin'ny vanim-potoana niainan'ny Ntaolo intsony anefa ny vanim-potoana misy antsika ankehitriny amin'izao, raha tsy hiresaka ny amin'ny rotorotom-piainana, ny karazana aretina misy amin'izao fotoana izao izay mahatonga ny zanaka tokony hikarakara hametraka ny ray aman-dreny ho amin'ny toerana tahaka izao, mba hahafahany miasa malalaka.
Tsy hoe : tsy fitiavana azy ireo fa fitiavana miseho amin'ny endriny hafa.
Ny olona malala-tsaina araka izany, no manjifa ny tolotra omen'ny "Centre La Bonté Madagascar". Manomboka efa manana fijery misokatra ihany koa anefa ny Malagasy maro. Afaka manatona eny anivon'ny tokantranon'ireo manana zokiolona ho karakaraina ihany koa ny "Centre La Bonté Madagascar".

***Lalasoa Razafindrakoto***

Sos Village d'enfants

# Mitaky asa mivantana amin'ny rehetra ny fiarovana ny zon'ny ankizy

Famelabelarana narahina adi-hevitra, momba ny fanajan'i Madagasikara ny zon'ny ankizy, no nentina nanamarihana ny faha-31 taona nankatoavan'i Madagasikara ny lalàna iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy, izay natao tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Antananarivo ny alarobia teo. Betsaka ireo mpisehatra nandray anjara tamin'ny adi-hevitra, tao anatin'i zany ireo solontenampanjakana toy ny Ministeran'ny mponina, sy ny Ministeran'ny Fitsarana, ireo fiarahamonim-pirenena toy ny "Sos Village d'enfants" sy ny "Education pour tous", ny solontenan'ny ankizy, ka ny tanjona dia ny fijerena ny dingana efa vitan'i Madagasikara momba ny fanajana ny lalàna iraisam-pirenena mahakasika ny zon'ny zaza ary ny handinihana miaraka ireo tanjona tokony mbola ho tratrarina. Nanazava Ramatoa Raharinarivonirina Maria tompon'andraikitra iray eo anivon'ny "Sos Village d'enfants", fa nisy ny ezaka nataon'i Madagasikara momba ny fanajana ny lalàna iraisampirenena momba ny zon'ny ankizy, ao anatin'izany ny fiahiana ny fahasalamana sy ny fametrahana ny "Identité" ho an'ny zaza, toy ny fanamboarana ny kopia nahaterahana… kanefa mbola mila ezaka i Madagasikara amin'ny fanampiana eo amin'ny fiahiana ara-tsosialy, ny fanaovana vaksiny, ny fanabeazana, ny ady amin'ny kere, ny fanampiana ny ankizy vokatry ny rivodoza, ady amin'ny fanodinkodinana ny ankizy amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera, sns…
Nanamafy Ramatoa Raharinarivonirina Maria, fa tsy avela irery ho an'ny fitondram-panjakana ny ady amin'ny fiarovana ny zon'ny ankizy, fa tokony hiara- hientana avokoa ny lafin-kery rehetra amin'ny alalan'ny fametrahana paik'ady mahomby, no sady arahina asa mivantana. Tsiahivina fa ho feno 31 taona amin'ny alahady 20 Novambra 2022 ho avy izao ny nankatoavan'i Madagasikara ilay lalàna iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy, kanefa kosa naroso ny alarobia teo ity hetsika, izay nokarakarain'ny "Sos Village d'enfants" ity, mba hahafahana nanatsara ny fandaminana.

***Razakambelo franck***